# FIOFANANA MIKASIKA NY ANDRAIKITRY NY TOMPON'NY FOTODRAFITRASA RANO FISOTRO MADIO

# RANO FISOTRO MADIO SY FANADIOVANA ARY FIDIOVANA


# DRAFITRA

**I- Ny Lalàna fototra sy ny fitsipika**


**II- Ny mpisehatra:**

**A-Tompon-draharaha**
**B-Mpitantana**
**D- MEEH/DREEH**

**AEPG**



**AEPP**



**PPMH**



**FPMH**



**Source améliorée**



# I- Ny Lalàna fototra sy ny fitsipika




- ***Fehezan-dalana momban'ny Rano*** ***(CODE DE L'EAU)*** ***lah 98-029 tamin'ny 19 Desambra 1999***
- ***Didim-panjakana 13*** ***(Décrets d'application) Taona 2003***

- ***And. 1 :*** Ny rano dia anisan'ny fananam-pirenena iombonana…
- ***And.2 :*** Ny rano dia fananam-pirenena tafiditra ao anaty menabem-panjakana…

  Izy dia tsy azo raisina ho fanananolon-tsotra…
- ***And 41:*** …Ny kaominina ambanivohitra sy ambonivohitra dia tompon'ny taozavatry famatsian-drano fisotro sy fanadiovana tambabe …
- ***And. 46*** : Ny fitrandrahana ny petra-pitaova-mpamatsiana dia azo ankinina amin'ny mpitantana mpisolo-toerana amin'ny alalan'ny fifanarahana…
- **And 54:** …Ny fampiasana ny rano vatsiana ho an'ny daholobe, na eo amin'ny fatsakana iraisana na eo amin'ny rano nampidirina ho an'olon-tokana , dia **ANDOAVAM-BOLA**.

# TANJONA

- Hametrahana kalitao,

- fahaiza-mitantana,

- fandrindrana tsara ny Tolotr'asam-bahoaka amin'ny rano fisotro madio, fanadiovana sy fidiovana (SEPAH).

# II- Ny mpisehatra

# A- TOMPON-DRAHARAHA



# Inona no atao hoe tompon-draharaha?

- **Manam-pahefam-panjakana, tompon'andraikitra** manoloana ny famatsian-drano fisotro madio sy ny fanadiovana ho an'ny daholobe eo amin'ny faritany hiadidiany.

***<u>Article 41; Code de l'Eau</u>***

# IZA NO AFAKA MITOMPO NY TAOZAVATRA

- ***1-…*Ny kaominina** ambanivohitra sy ambonivohitra dia tompon'ny taozavatry famatsian-drano fisotro sy fanadiovana tambabe …

- **2- Minisitra** misahana ny Rano fisotro madio, fanadiovana sy fidiovana (**raha mbola tsy mahafeno ny fepetra fahaiza-manao)**

  **Fepetra 5:**

  1. Manaja ny fepetra ara-pitantanana, mifehy ny kaominina
  2. Manana STEAH
  3. Manana drafitr'asa fampandrosoana (PCDEAH)
  4. Navita tahirin-kevitra momba ny fanisam-pananana sy ny trosa
  5. Manaiky hanefa ny trosa

- **3- Ny fokonolona sy/na ny fokontany** afaka mangataka amin'ny tompon'ny taozavatra; **fa Mpisolo toerana** raha eken'ny antokon-draharaha mpandrindra (**SOREA**) sy ny **kaominina** mpiahy azy izany.

***<u>And 41; Fehezan-dalàna momban'ny rano</u>***

# Andraikitry ny Tompon-draharaha

- Mifampiresaka amin'ny solotenan'ny mpanjifa mahakasika ny kalitaon'ny tolotra omen'ny mpitantana.
- Manentana an'ny mpanjifa andoha ny sadan'ny rano izay nifanarahana vita sonia ao anaty contrat.
- Miantoka ny fiarovana ireo fitaovana famatsian-drano; manoloana ireo fanimbana sy ny halatra.
- Miaro miaraka amin'ny mpitantana ireo tahirin-drano misy eo amin'ny kaominina.


# Andraikitry ny Tompon-draharaha

- Manamarina sy Mankatoa ny tatitra ara-tekinika sy ara-bola alefan'ny mpitantana isan'enimbolana.
- Manamarina sy Mankatoa ny fandaharan'asa mpamatsiambola ho an'ny fanavaozana sy fanitarana ny tambazotran'ny Rano.
- Mandray anjara miaraka amin'ny mpitantana amin'ny fametrahana drafitr'asa fanitarana ny tambazotran'ny Rano.
- Mandray anjara miaraka amin'ny mpitantana amin'ny etude de faisabilité an'ny fanitarana ny tambazotran'ny Rano izay angatahan'ny mpanjifa.

# Andraikitry ny Tompon-draharaha

- Miady hevitra amin'ny safidy fampiasambola (choix d'investissement )
- Miara-mitantana miaraka amin'ny mpitantana ny vola hanaovana fanavaozana sy fanitarana, mba hanasoavana ny be sy ny maro.
- Manampy ny mpitantana mba ahafahany manatsara hantrany ny tolotra omeny.
- Manaitra ny Mpitantana raha misy fitotonganana ny fitantanana ny rano, ary manentana azy mba hanatsara haingana io fitotonganana io.
- Mampilaza ny DREEH raha tsy nisy ny fanatsarana tao aorian'ny fanairana natao tamin'ny mpitantana.

# B- MPITANTANA



# Ny atao hoe mpitantana

- Mpitrandraka/ olon-tsotra na orinasa miankina na tsy miankina/ malagasy na vahiny

- Anankinan'ny tompon-draharaha ny fanatanterahana sy/na fitantanana sy ny fikojakojana ny petra-pitaovana.

# KARAZAM-PITANTANANA

Gestion
(Fitantanana)

- Déléguée (Ankinina)
  - Communautaire (@ vondron'olona ifotony)
    - **Contrat de délégation de gestion (Fifanarahana famindram-pitantanana)**
  - Opérateur privé (@tsy miankina)
    - **Contrat de gérance (Fifanaraham-pitantana)**
    - **Contrat d'affermage (Fifanaraham-panofana)**
    - **Contrat de concession (Fifanarahana fandraharaham-pamokarana)**
- En régie directe (Mivantana)

# ANDRAIKITRY NY MPITANTANA

- Miantoka fampandehanan-draharaha momba ny fitantanana.
- Mitrandraka(And.45)/Mivarotra ny rano amin'ny sandany nifanarahana.
- Mizara ny rano eo amin'ny faritra hiadidiny 24 ora /24 ora.
- Mitily ny kalitao ny rano, ary manome ny valin'izany any @ fahefana mahefa (kaominina, Min rano) sy ny mpanjifa (Pg 14,And.58)
- Manome tatitra ara-teknika, ara-bola any @ tompon-draharaha
- Manefa ny haba/hetra any @ tompon-draharaha.

- Mamatsy vola ao amin'ny fanamboarana, fikojakojana, fanitarana, fampandehanana.

- Mampahafantatra ny tolotra ao aminy sy ny sandany amin'ny mpanjifa (peta-drindrina, na fitsidihana isan-tokantrano, na amin'ny alan'ny haino aman-jery…)

- Manapaka ny rano raha misy asa fikojakojana, na fanamboarana tampoka ny tamba-zotra.

- Mampilaza ny manam-pahefana mahefa (kaominina,distrikta, Min), raha misy olana goavana.

# D- Ministeran'ny Rano, Angovo, Akoran'afo



- **Mamolavola sy manantanteraka ny politika sy Paik'ady ankapobeny**, amin'ny sehatry ny rano fisotro madio sy ny fanadiovana ary fidiovana.


(Pg 14, And58) **(DECRET N°2003/193,And.12)**

- Mametra ny **fenitra ara-teknika** afaka ampiharina amin'ireo petra-pitaovana famatsina rano fisotro madio. (DECRET N°2003/193, And.12)

- Mifandraharaha amin'ireo mpisehatra momba ny rano sy ny fanadiovana.

**(Pg 18, And.78)**)

- Manome ho an'ireo mpisehatra:
  - toro-lalàna,
  - toro-hevitra,
  - mitan-tsoroka ara-teknika, ara-pitatanana.
    
    **(indrindra ny Kaominina)**
  - vaha olana raha misy ny olana. **(Mpanelanelana)**
    
    **(Pg 15, And.64)**
- Manara-maso ny hatsaran'ny rano **(Pg 14, And.58)**
- Maka sy mandray ireo tatitra ara-teknika, ara-bola avy any amin'ny kaominina.


OLOM-BOAFIDY
PTFs:
STDs:
DREEH
District
Tatitra :
ara-tekinika, tahan'ny
fisitrahana RFF, drafitrasa …
Fanaraha-maso, tan-tsoroka
KAOMININA,
STEAH
Arrondissement
Tatitra ara-tekinika / ara-bola
*Redevance (Hofa, tamberim-bidy…)*
Contrat de délégation de gestion,
Tamberin'adraikitra:
Fanarahamaso, tan-tsoroka,
fanatsarana, fanitarana
MPITANTANA:
Privé/Vovonana
- TL
Chef FKT
Ampahan'ny
Sandan'ny rano
Mampandeha sy mikojakoja
Tatitra ara-tekinika / ara-bola
Fontainier/CPE
Komity
Sandan'ny rano
Vola/Vokatra
Tatitra ara-tekinika / ara-bola
Mpahazo
Tombotsoa

# Misaotra anao naharitra nihaino…

… ary vonona hamaly ny fanontaniana na ny fanamarihana avy any aminao